REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2024

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION
----------------
SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES
----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-23

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-022/2024 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA, TAONA 2025**

Fivoriana faha-12
Natao ny
Zoma 29 Novambra 2024
- Tolak'andro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - SOAFILIRA Princia
- FOMENDRAZA Haingo Elisette

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 103 ; tsy tonga: 58 ; voaalatsiny: 02

**FOTOANA:** Zoma 29 Novambra 2024, tamin'ny 3 ora sy 25 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2025.

Nitohy ny Zoma 29 Novambra 2024, tamin'ny 3 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra, hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa SOAFILIRA Princia no nanatanteraka izany.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy fa ny Alatsinainy 2 Desambra 2024 ho avy izao, hisy fivoriambe hifidianana izay Solombavambahoaka hisolotena ny Antenimierampirenena ao amin'ny «Commission Malagasy de l'Informatique et de la Liberté (CMIL)» sy ny Filohan'ny Vaomiera miasahana ny Fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo na ny «Haute Cour de Justice (HCJ)». Amin'io fotoana io ihany koa no hifidianana ny Solombavambahoaka tompon-toerana roa (2) sy mpisolo toerana roa (2) ho eo anivon'ny Fitsarana Avo na ny «Haute Cour de Justice» ihany koa.

Nanentana ny Solombavambahoaka izay maniry hirotsaka amin'izany toerana izany ny tenany mba hanatitra ny taratasy filatsahan-kofidina ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena alohan'ny Alatsinainy 2 Desambra 2024, amin'ny 8 ora, maraina.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Andriamatoa Filoha ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2025.

Nanatanteraka izany RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-27 Novambra 2024 sy ny Alakamisy faha-28 Novambra 2024 nanomboka tamin’ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran’ny Fanombanana ny Politikam-panjakana ary ny Vaomieran’ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2025.

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan’ny Vaomieran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin’ny Vaomieran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
2. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
3. FIAROVANA Lovanirina Célestin
4. FIENENA Richard Désiré
5. MAMINIRINA Jolce
6. MICHELLE Bavy Angelica
7. MILAVONJY Philobert
8. MONG MANN Bismark
9. RABY SAVATSARAH Ain’ Harimanga [illegible]elle
10. RAJAOBELINA Lova Herizo
11. RAJOELINA A. Seth
12. RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny
13. RAKOTOMALALA Miarintsoa
14. RAKOTOMANGA Lanto
15. RAKOTOSON Hubert
16. RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriantsivoafetra
17. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
18. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
19. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal
20. RATSIVAHINISOLO Andriniony
21. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
22. RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina
23. RAZAFINIMARO Désiré
24. RAZARA Pierre Ravolaza Fidele
25. TSARADIA Marco

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin’ny Vaomieran’ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RABY SAVATSARAH Ain’Harimanga Gabrielle
2. RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny
3. RIVOTIANA Richard Jean Bosco

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,
1. MAMINIRINA Jolce
2. MONG MANN Bismark
3. RABY SAVATSARAH Ain' Harimanga Gabrielle
4. RAFIDIMANANA Narson
5. RAJOELINA A. Seth
6. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal
7. RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina
8. RIVOTIANA Richard Jean Bosco
9. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,
1. SAID ZAKANIAINA
2. RAKOTONIAINA Pety
3. RAMANANARIVO Handry Orlando
4. RADAFY Thierry
5. RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien
6. RAKOTONIAINA Lova Andrien
7. CHABANI Nourdine
8. BEFENO Todimanana Hyacinthe
9. RAZAFITSIALA Velomanana
10. RABOKA A. Barthelemy
11. RAZAFIHARISON Andriamanantena
12. MANJARY Clarisse Eugénie

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|---|---|---|
| 1. | RAMANAMPANOARANA Andry | SG MEF |
| 2. | ANDRIANAIVOKY Florence | DIRCAB MEF |
| 3. | GERMAIN | DGI |
| 4. | RAJAOFETRA Andry | DGT |
| 5. | RAKOTO Dimby | DEP/MEF |
| 6. | RASAHAVELO | DGCF |
| 7. | ANDRIANIRINA Serge William | MEF/DPR |
| 8. | TOVANA MILA Boto Jean Yves | CAB/CT |
| 9. | RAZAFINDRAKOTO Rivoniaina | CAB/CT |
| 10. | DISAINE RAKOTONDRAMBOHA Philippe | CAB/MEF |
| 11. | RANAIVOZANANY Jerry | DB |
| 12. | RAKOTOMALALA Hary | DG/DLFC |
| 13. | TIANAMANAMBINA | CSLF/DLFC |
| 14. | RASENDRA Jo Amigo | DB/SSB |

| | | |
|---|---|---|
| 15. | MIVA Salema | DGEAE/SGEAE |
| 16. | RAHAJAMANANA Jasmin | DGGAE/SGGAE |
| 17. | RANDRIANOELY Herilala | DGD/DSD |
| 18. | RAZAFINDRAKOTO Pascal | DGEAE |
| 19. | RAZAFINDRAKOTOSON Ifaliantsoa | DGT/DE |
| 20. | ANDRIAMIHARISOA Rodiana | APMP/CSNR |
| 21. | RASAMOELINA Eric | MEF/CNM |
| 22. | RANDRIAMAROLAFY Odile | DGT/DE/SSAE |
| 23. | FIARANANIRINA Maximilienne | DGBF/DB/SSB |
| 24. | RAKOTONIRAINY MIORA | DEP/SEM |
| 25. | PICARD Wilfrieda | DGEAE/CM |
| 26. | ANDRIANOMANANA Razafindramavo | DB/SSB |
| 27. | ANDRIAMAROSANDRATANA Ida | DB/SSB |
| 28. | ANDRIAMBOLOLONA Valerie | DGD//DLV |
| 29. | RAKOTOBE H. Tahina | DGT/DE/SSAE |
| 30. | LAINKANA Zafivanona | DGD/DG |
| 31. | RASOLOFOMANANA Gerzhino | SEM/MEF/DEP |
| 32. | TSIENGENY Jocelyn | MEF/DGBF/DGEAE |
| 33. | RANDRIANOELISON Lala M | MEF/DGBF/SSB |
| 34. | RAKOTOMANGA Towi Marina | MEF/DGBF/SSB |
| 35. | ANDRIANOMANANA Razafindramavo | MEF/DGBF/DB/SSB |
| 36. | RANDRIAMIHANTASOA Elio | MEF/DGBF/DB/SSB |
| 37. | RAOELINA Andrianina | MEF/DGBF/DB/SSPI |
| 38. | ANDRIAMBAHOAKA Maminirina | MEF/DGT/DGP/DDP |
| 39. | ANDRIANARY Lova Mireille | MEF/DGT /DDP |
| 40. | HAINGONIVOLOLONALA Narindra | MEF/DGT/DE |
| 41. | RAZAFITSIFERANA Faly | MEF/DGT/DE |
| 42. | RAKOTONJANAHARY Herinirina | DB/SSB |
| 43. | RAZAFINJAKA Hoby H. | DB/SSB |
| 44. | ANDRIAMBOLOLOMAHEFA V. | MEF/DGD |
| 45. | RAMANITRINIONY Misa | MEF/DGBF/DB |
| 46. | RANDRIAMANDIMBISOA Fenitra | MEF/DGBF/DB |
| 47. | VERONIAINA Miora | MEF/DB |
| 48. | RANAIVOSON Andotiana | MEF/DB |
| 49. | RAKOTOJAONA Haja | MEF/DB |
| 50. | RASOLOFONANTENAINA José | MEF/CT |
| 51. | HAJATIANA Endor | MEF/PRMP |
| 52. | RANDRIANJANAKA Volatantely | MEF/CAB |
| 53. | RANDRIANIRINA Hanitra | MEF/DGT/DE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha, nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2025.

Teny ampiandohana dia nampahatsiahy ny Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa nitondra fanitsiana tsotsotra vitsivitsy na "errata" ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ka voahitsy tamin'izany ny Famelabelarana ny Antonantony, ny tetibolan'ny Antenimierampirenena, ny an'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny an'ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany. Voahitsy araka izany ny andininy faha-6 ao amin'ny "corps de la loi", ny "annexe 4 Dépenses", ny "annexe 6 Dépenses par service" ary ny "cadre à Moyen terme" mifandraika amin'io Andrimpanjakana io sy ireo Minisitera roa ireo. Nitondrana "errata" ihany koa ny fepetra sasantsasany mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny Hetra sy ny paika arahana ara-ketra (Code Général des Impôts).

Taorian'izay, nanazava ireo teknisiana fa misy andry telo lehibe ny Politikam-panjakana faritan'ity Volavolan-dalàna ity dia:
- Ny fampandrosoana ny mahaolona sy ny fanaovana laharam-pahamehana ny lafiny sosialin'ny vahoaka Malagasy;
- Ny fampiroboroboana ny indostria sy ny famoronana asa;
- Ny fametrahana fanjakana tsara tantana amin'ny alàlan'ny fanavaozana ny rafi-pitantanana sy ny asam-panjakana ary ady amin'ny kolikoly.

Nilaza ihany koa izy ireo fa mizara 5 lehibe ny endriky ny rijan-teny izay atolotra ny Solombavambahoaka araka izao filaharany izao:

- Ny lafiny ara-toekarena;
- Ny lafiny mikasika ny fidiran'ny hetra anatiny;
- Ny lafiny mikasika ny vola miditra amin'ny haban-tseranana;
- Ny lafiny fandaniana amin'ny tetibolan'ny taona 2025;
- Ny lafiny fifandanjana ankapobeny.

**NY LAFINY ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA:**
4,4% no fiakaran'ny harikarena faobe ny taona 2024 raha toa noheverina ho 4,5% izany tamin'ny vinavina napetraka tao amin'ny LFI 2024. Vinavinaina ho 5% izany ny taona 2025 ka hahatratra 5,6% ny taona 2028.
Ny fiakaran'ny harikarena amin'ny ankapobeny dia azo avy amin'ireo seha-pihariana 3 dia ny seha-pihariana voalohany, ny seha-pihariana faha-2 ary ny seha-pihariana faha-3.

Raha ny taona 2024 no jerena dia vinavinaina hitombo 5,3% ny fiakaran'ny seha-pihariana voalohany raha toa vinavinaina fa hihena -3,3% ny seha-pihariana faha-2 vokatry ny fihenan'ny famokarana eo anivon'ny orinasa ao Ambatovy. Raha ny seha-pihariana faha-3 no jerena dia andrasana hisy fiakarana 5,0% amin'ny taona 2024.

Raha ny taona 2025 no zohina dia tombanana hitombo 7,8% ny seha-pihariana voalohany ary 3,4% ny seha-pihariana faha-2. Vinavinaina ny hiakatra 5,4% ny seha-pihariana faha-3.

Raha ny vola miditra indray no jerena, heverina fa hahatratra 10,1 %-n'ny PIB no azo avy amin'ny hetra anatiny sy ny haban-tseranana na ny "recettes fiscales nettes" ny taona 2024. Amin'ny taona 2025 dia vinavinaina hahatratra 10,7%-n'ny PIB izany.

Raha ny “déficit budgétaire” kosa, vinavinaina hahatratra -4,3%-n’ny PIB ny taona 2024 ary heverina fa hidina ho -4,1%-n’ny PIB ny taona 2025.

Teboka 2, nojerena eo amin’ny sehatry ny fifanakalozan’i Madagasikara ara-barotra: ny “compte courant” ary ny “compte en capital et financier”. Nahitana fihibana 4,8%-n’ny PIB ny “compte courant” ny taona 2024 raha heverina fa hiiba ho 4,7%-n’ny PIB izany ny taona 2025. Ny “compte en capital et financier” dia nahitana fahatsarana 5,6%-n’ny PIB ny taona 2024 raha heverina fa hahatratra 5,0%-n’ny PIB ny taona 2025.

Ny taona 2024 dia vinavinaina hitentina 2,09 Miliara Dolara ny tahirim-bola vahiny izay ahafahana manafatra entana avy any ivelany mandritra ny 5,9 volana raha toa 4,6 volana ny vinavina teo aloha.

Raha ny “masse monétaire” no jerena dia nahatratra 27,9%-n’ny PIB ny taona 2024. Vinavinaina hahatratra 27,8%-n’ny PIB izany amin’ny taona 2025.

Nahatratra 7,8% ny tahan’ny fiakaran’ny vidim-piainana ny volana Septambra 2024 raha toa 7,6% ny vinavinan’ny Banky Foibe ho amin’ny faran’ny taona 2024.

**<u>NY LAFINY MIKASIKA NY FIDIRAN’NY HETRA ANATINY</u>**

Raha atao jery todika ny fampidiran-ketra dia tsy mitsahatra miakatra izany. Ny taona 2024 dia novinavinaina ho 4 636,5 Miliara Ariary izany ary efa mihoatra io vinavina io amin’izao volana Novambra 2024 izao. Ho an’ny taona 2025 dia novinavinaina ho 5 628,4 Miliara Ariary ny vola hiditra ara-ketra izay ahitana fitomboana 21,39% raha ampitahaina amin’ny tanjona tamin’ny taona 2024.

Araka izany dia maro ireo paikady entina manatratra ny tanjona:
- Ny fanamafisana ny fahaiza-manetsika ny fampidiran-ketra;
- Ny fahombiazan’ny fizotry ny famorian-ketra;
- Ny fampiasana ny teknolojia nomerika ho an’ireo raharaha sy ny paikady ara-ketra rehetra;
- Ny fanamafisana ny fidiram-bolan’ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana;
- Ny fampitomboana ny ezaka sy hetsika amin’ny ady amin’ny kolikoly.

Ny tanjona dia ny hahafahan’ny Fanjakana mahaleotena amin’ny alàlan’ny fampidiran-ketra mba tsy hiankinan-doha amin’ny mpamatsy vola avy any ivelany.

Mizara roa ny fepetra entina manatratra ny tanjona dia ny fepetra mikasika ny lalàna ara-ketra sy ireo fepetra ara-pitantanana ny hetra.

Ny fepetra mikasika ny lalàna ara-ketra dia mikasika:
- Ny famerenana ny fampiharana ny hetra amin’ny tataom-bidy (TVA) amin’ireo zanabola alain’ny orinasa mpampindram-bola amin’ny famatsiana amin’ny alàlan’ny kitapom-bola na sonia omena ny mpanjifa ary koa ny hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandaniana (DA) ho an’ny vokatra sasany;

- Fanamafisana ny famoriana ny hetran-tany (IFT) sy ny hetran-trano (IFPB);
- Ady amin’ny varotra tsy misy faktiora;

- Ny fanohizana ny fampidirana ao anaty Fehezan-dalàna momba ny hetra ireo lalàna ara-ketra izay miparitaka any anatin'ireo lalàna isan-tseha-pihariana. Amin'ny ankapobeny, ireo fepetra vaovao araka ny voafaritr'ity Volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ity dia mikasika hetra maromaro toy ny hetra amin'ny vola miditra (IR), hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana (IMP), hetra tambatra (IS), hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy (IRSA), hetra alaina amin'ny tombom-barotra (IPVI), saram-panoratana (DE), hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana (DA), haba amin'ny tataom-bidy (TVA), hetra alaina amin'ny tany (IFT) ary ny hetra amin'ny trano miorina (IFPB).

Voalaza ao ihany koa ireo fepetra natao hanitarana ireo sehatra ampiharana ny famerana ny hetra toy ny fametrahana ny haba alaina amin'ny fifanakalozana atao amin'ny alàlan'ny finday (TTM) sy ny fanamafisana ny momba ny hetra amin'ny tontolo iainana.

Ankoatra ireo fanadiovana madinidinika natao ireo dia nohamafisina tao amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika ara-ketra ihany koa ireo fepetra hafa natao hampahomby ny fitantanan-draharaha ara-ketra.

Ny fepetra ara-pitantanana ny hetra araka izany dia ahitana ny:

- Fanohizana ny fanapariahana ny rindram-baiko SAFI izay hampiditra 97 Miliara Ariary;
- Fanatsarana ny fitantanana amin'ny famoriana ny TVA izay hampiditra 25,0 Miliara Ariary;
- Fanamafisana ireo asa ara-ketra izay hampiditra 25 Miliara Ariary.

**NY LAFINY MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA MIFANDRAIKA AMIN'NY FADINTSERANANA:**

Ny fanamby apetraky ny Fadintseranana dia manatratra ny fanamby napetraky ny fitondram-panjakana dia ny fanamafisana bebe kokoa ny famokarana anatiny. Ny fanenàna ny fandaniana ny hetra dia fanamby napetraka ary hivadika ho vola miditra ao amin'ny kitampom-bolam-panjakana izany. Vinavinaina hampiditra 4 366 Miliara Ariary ny vola avy amin'ny Fadintseranana amin'ny taona 2025. Ny fampiharana ireo fepetra ara-panjakana (mesures administratives), ny fanovàna vitsivitsy mikasika ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana (Code des Douanes) ary ny fanovàna mikasika ny lazam-bidy no entina manatanteraka izany.

Raha ny fepetra ara-panjakana no jerena dia:

- apetraka ny "module exonération" mba ahafahana mikirakira amin'ny alàlan'ny informatika ny fanomezan-dàlana ho an'ny fanafahana amin'ny sara sy ny haba;
- fanamafisana ny fanaraha-maso ny faritra sy orinasa afak'haba.

Marihana fa hampiasaina ny «smart scanning» amin'ny alàlan'ny «Intelligence Artificielle» (IA) mikasika ny fivezivezen'ny entana ary koa atao ny «analyse de risque» amin'ny fametrahana ny ERA (Enhanced Risk Assessment) izay hanomboka ny 4 Desambra 2024 izao ka ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana Koreana no ho tonga eto Madagasikara hanatanteraka izany. Io "analyse de risque" io ihany koa dia hapetraka amin'ny alàlan'ny fitaterana an-dranomasina sy an'habakabaka ho an'ireto sokajy ireto:

- AsyRisk
- IATA Cargo

- AsyHub
- AsyExpress

Apetraka ihany koa ny “e-tariff” ahitana ny haba tokony haloa.

Ny mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana dia ahitana ireto fanovàna manaraka ireto:

- Ny fampidirana ny Lalàna amin’ny fandrafetana ny Faritra Ara-toekarena Manokana;

- Ny fampifanarahan’ny hetsika samihafa amin’ny fepetra momba ny hetra na tsy momba ny hetra avy amin’ireo Andrimpanjakana hafa mba hifanaraka amin’ny Politikan’ny Fadintseranana eo amin’ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben’ny Fanjakana;

- Ny fampidirana fepetra mikasika ny andraikitra fanamarinana ny niavian’ny entana izay andraikitry ny Fandraharahana ny Fadintseranana;

- Ny fampidirana fepetra mandidy ny mpanafatra entana hanome vaovao marina sy azo antoka momba ireo singa fototra mandrafitra ny sandan’ny entana amin’ny fadintseranana ary misy sazy mifanaraka amin’ny lalàna manan-kery raha tsy manaraka izany;

- Ny fampidirana fepetra mikasika ny famotsoran-keloka raha tsy mbola manomboka ny asa fanagiazana ataon’ny Fandraharahana ny Fadintseranana;

- Ny famaritana mazava ny fepetra ao amin’ny andininy faha-124 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana mba hanamafisana ny fomba fitantanana ny haba sy ny hetra amin’ny fanafarana entana;

- Ny fanampiana fanazavana momba ny fomba atao amin’ny famindrana entana izay manome tombony lehibe ho an’ny mpanafatra entana na eo amin’ny fandaniana ara-bola na ny ara-potoana;

- Ny fampanarahana fenitra ny fametrahana entana amin’ny Fadintseranana sy ny fepetra mifandraika amin’ny entana simba noho ny antony tsy azo anoharana;

- Ny fanitsiana ny sazy mikasika ireo andininy faha-359 sy faha-360 ao amin’ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana;

- Ny fanitsiana ireo hadisoana ara-materialy.

Ny fanenana ny fandaniana ny hetra na ny entana tsy mandoa haban-tseranana ao amin’ny lazam-bidy mikasika ny fadintseranana dia fanamby napetraka satria ny tahan’ny fandaniana ny hetra ao amin’ny Fadintseranana dia avo dia avo. Ny fanenana ny fandaniana ny hetra dia hivadika ho vola miditra ao amin’ny kitampom-bolam-panjakana. Ireto teboka manaraka ireto ny fanovàna nentina mikasika ny lazam-bidy momba ny Fadintseranana:

- Ny famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 10% ary 20% ho an'ny TVA ho an'ny «Catamarans et bateaux de croisières» izay hiandrasana fampidiram-bola mitentina 15,50 Miliara Ariary;

- Ny famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 5% ho an'ny haban-tseranana ary amin'ny taha 20% ho an'ny TVA ho an'ny kamiao, ny traktera an-dàlana, ny "camions citernes et remorques" izay hiandrasana fampidiram-bola mitentina 14,38 Miliara Ariary;

- Ny fanovàna ny fanambarana DD ho TPP ary DDAPEi ho TPP APEi ho an'ny «huiles de pétrole » izay hiandrasana fampidiram-bola mitentina 1,2 Miliara Ariary;

- Ny fanasarahana zana-tsokajy mba hampifanaraka ny lazam-bidy amin'ny taha 20% ho an'ny haban-tseranana ho an'ny entana azo ampiasain'ny mpanjifa avy hatrany izay hiandrasana fampidiram-bola mitentina 23,7 Miliara Ariary;

- Ny fanitsiana amin'ny taha 20% ho an'ny TVA ho an'ny «autres articles de robinetterie et organes similaires» izay hiandrasana fampidiram-bola mitentina 3,11 Miliara Ariary;

- Ny famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 20% ary 20% ho an'ny TVA ho an'ny «autres verres de lunetterie en autres matières»;

- Ny fanitsiana amin'ny taha 10% ho an'ny TVA ho an'ny «récipients pour gaz comprimés ou liquéfiés, en fonte ou acier» izay hiandrasana fampidiram-bola mitentina 2,2 Miliara Ariary;

- Ny fanitsiana amin'ny taha 20% ho an'ny TVA ho an'ny «chaussures de sports, chaussures à pointes, à crampons» izay hiandrasana fampidiram-bola mitentina 1,2 Miliara Ariary;

- Ny fanasarahana zana-tsokajy laharana 8711.60 mba hampiavaka ny «bicyclettes et trotinettes électriques» amin'ny «motocycles électriques»;

- Ny fampifanarahana ny tahan'ny haban-tseranan'ny APEi ho an'ireo vokatra tafiditra ao anatin'ny lisitra «les produits d'exclusion»;

- Ny fanasarahana sokajy laharana 4801.00 mba hamoronana zana-tsokajy ho an'ny «les déchets de papier journal».

Vinavinaina hampiditra manodidina 106 Miliara Ariary ny fepetra rehetra noraisina.

**NY LAFINY TROSAM-PANJAKANA**:

Mahatratra 1 195,1 Miliara Ariary ny fitambaran'ny vola hefaina ato amin'ny Volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2025 raha ny momba ny trosa ivelany; 880,9 Miliara Ariary amin'izany no renivola ary mitotaly 314,2 Miliara Ariary kosa ny zanabola.

Hahatratra 442,2 Miliara Ariary ny fandaniana amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2025. Ny tahan'ny zanabola hanefana ny taratasim-bolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tombanana ho 13,0%.

**NY LAFINY MIKASIKA NY FANDANIANA AMIN'NY TAONA 2025:**

Mizara roa ny fanehoana mikasika ny fandaniam-bola ho an'ny taona 2025 izay miompana amin'ny:

- «Orientation des dépenses»
- «Répartition des dépenses»

**Ny "Orientation des dépenses":**

Araka ny fanehoana izay efa nifandimby teo dia 5% no fitomboan'ny harikarena faobe. Izay dia mifototra amin'ny sehatra maro toy ny fambolena, ny fizahantany, ny "mines", "télécommunication", ny "textile", sns. Mba hahafahan'ireo sehatra ireo miasa sy mamokatra dia misy ireo sehatra "transversales" toy ny jiro, ny rano ary ny làlana.
Eo amin'ny lafiny sektorialy dia eo ireo laharam-pahamehana toy ny fampianarana, ny fahasalamana, ny rano, ny famokarana herin'aratra, ny fahaleovan-tena ara-tsakafo.
Zava-dehibe ny hanaovana ezaka momba ireo satria raha manao kajy tsotsotra dia hitombo avo roa heny ny isan'ny mponina malagasy amin'ny taona 2048.

Izany no nitarika an'i Madagasikara tsy maintsy manao ezaka hampiakatra ny hanam-pamokarana, hampiasa ny famatsiana vola avy any ivelany ary hamehy ny karama sy ny fampandehanan-draharaha.

Mikasika manokana ny hanam-pamokarana dia misy ezaka manokana hatao momba ny vary sy ny famokarana herin'aratra, eo ihany koa ny làlana.

Voafetra eo amin'ny 3t/Ha hatreto ny "rendement agricole" eto Madagasikara. Noho izany, tsy maharaka ny filàna ny famokarana ka manery an'i Madagasikara hanafatra vary. Momba ny famokarana herin'aratra kosa; na eo aza ny famatsiana vola mavesatra dia mavesatra avy atỳ amin'ny fanjakana ho an'ny JIRAMA dia iainan'ny Faritra rehetra eto Madagasikara ny fahatapahan-jiro izay miteraka vokadratsy ho an'ny "activités économiques". Noho izany, tsy maintsy mametraka politika miompana amin'ny fampiakarana ny famokarana herin'aratra isika.

Etsy andanin'izany, notazonina ihany koa ny ezaka momba ny sehatra sosialy. Notohizana ihany koa ireo asa efa natomboka teo aloha na "PIP poursuite".

**Ny ''Répartition des dépenses''**

Raha ny «répartition des dépenses» indray no jerena dia ahitana ireto teboka manaraka ireto:
Ny "dépenses de soldes", ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha ankoatra ny karama ary ny fandaniana ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana na ny "investissement".
Ny "dépenses de soldes" izay mitentina 3 814,5 Miliara Ariary tamin'ny taona 2024 izay natokana tamin'ny fandoavana karama. Vinavinaina hitombo 3 846,40 Miliara Ariary izany amin'ny taona 2025. Nahitana fiakarana 31,9 Miliara Ariary izany. Marihana fa io fitomboana io dia vokatry ny:

- Fampiakarana amin'ny toeran'asa (avancement), IIR, fiantraika ara-bolan'ireo fepetra noraisina tamin'ny taona 2024, toy ny fandraisana mpiasa vaovao;
- Fanendrena masoivoho/"consul" sy PAT eny amin'ireo firenena mpiara-miombon'antoka sasantsasany;
- Famindrana ny fandoavana ny karaman'ireo ELD AFARB eo amin'ny MEDD sy ireo mpiasan'ny Tetibola anankina Paositra ao amin'ny Tetibola ankapobeny;
- Fandraisana mpiasa vaovao ho amin'ny taona 2025.

Noferana ho 6 650 ny fampidirana mpiasam-panjakana, ka voazara ho toy izao manaraka izao:

- 1000 ao amin'ny Tafika Malagasy,
- 1000 ao amin'ny Zandarimariam-pirenena,
- 1000 ao amin'ny Polisim-pirenena,
- 3000 ao amin'ny Fanabeazam-pirenena,
- 300 ao amin'ny Fahasalamam-bahoaka,
- 250 ao Fampianarana Teknika,
- 100 ao amin'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony.

Ahitana fihenana 764,6 Miliara Ariary ny fandaniana ao amin'ny fampandehanan-draharaha. Tsy nihetsika ireo tambin-karama. Nahena kosa ireo fandaniana ao amin'ny Entana sy Raharaha ary nahena ihany koa ny fandaniana ao amin'ny Famindram-bola na "Transferts".

Raha ny fampiasam-bola na "investissement public" indray no jerena dia ahitana fiakarana 3 745,4 Miliara Ariary.

Ireto misy santionany amin'ireo Minisitera nahitana fampiakarana teo amin'ny hanam-pamokarana:

- Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'afo izay 1 323,5 Miliara raha toa 399 Miliara izany tamin'ny taona 2024. Ao no ahitana ny fametrahana "Centrales solaires" izay mamatsy 150MW sy 50MW; ny fametrahana ny "Centrale thermique" 105MW sy ireo "Eolienne" miisa roa izay hamokatra 30MW. Hapetraka eto Antananarivo sy any Antsiranana ireo "Eolienne" ireo. Iandraiketan'io Minisitera ihany koa ny fizarana "Kits solaires" sy "Panneaux solaires", ny fanamorana ny fisitrahana herin'aratra amin'ny vidiny mora ary ny fanatsarana ireo tambazotram-pitaterana ny herin'aratra sy ny fanamboarana ireo "Sites hydroélectriques".

- Ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fahaleovan-tena Ara-tsakafo sy ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana izay miandraikitra ny fanafarana ireo masomboly "riz hybride"; ny fananganana orin'asa mpanao zezika sy masomboly ary ny fanalehibiazana ny tany azo ambolena. Eo ihany koa ny fanatsarana ny tontolon'ny famokarana sy ny fandraharahana maharitra ary ny fampidirana ireo tanora any ambanivohitra amin'izany sehatra izany;

- Ny Minisiteran'ny Rano dia lasa 587,0 Miliara Ariary raha toa 291,1 Miliara Ariary teo aloha. Ao no misoratra ny "Pipeline Efaho", orinasa fandorana fako sady mamokatra herin'aratra ary ny fotodrafitrasa fisintonana rano.

- Ny Minisiteran'ny Asa Vaventy izay lasa 2 305,6 Miliara Ariary raha toa 1 194,1 Miliara Ariary teo aloha;

- Ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia lasa 586,9 Miliara Ariary raha toa 384,0 Miliara Ariary teo aloha;

- Ny Minisitera'ny Mponina sy ny Firaisan-kina dia lasa 154,4 Miliara Ariary raha toa 56,5 Miliara Ariary teo aloha;

- Ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena kosa dia lasa 180,5 Miliara Ariary raha toa 99,8 Miliara Ariary teo aloha.

Marihana fa hita ao amin'ny "annexe 9" ny lisitr'ireo tetikasa rehetra isaky ny Minisitera.

Nahitana fiakarana ihany koa ireo fandaniana ara-tsosialy satria raha 3 445,9 Miliara izany teo aloha dia niakatra ho 3 472,2 izany amin'izao. Izy io dia tondro iray napetraka niarahana tamin'ny FMI ary izany dia fitambaran'ny fandaniana mikasika ny fampianarana, ny fahasalamana, ny rano ary ny fiahiana ara-tsosialy misoratra any amin'ny Andrimpanjakana sy ny Minisitera rehetra.

**<u>NY FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY TETIBOLA:</u>**

Mizara ho dimy lehibe ny fizarana hita ao amin'ny fafan'ny fifandanjana momba ny Volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2025:
Ny fizarana voalohany dia ahitana ny Tetibola Ankapobeny izay ahitana fandaniana 16 294 710 418 000 Ariary raha toa ahitana fidiram-bola 13 059 046 532 000 Ariary. Araka izany dia hita fa misy tsy fahampiana 3 235 663 886 000 Ariary.

Ny fizarana faharoa izay ahitana ny Tetibola Anankina ka 38 747 500 000 Ariary ny fidiram-bola raha toa 38 747 500 000 Ariary ny fandaniana ao amin'ny «Imprimerie Nationale». Tsy misy intsony ny vinavina Tetibola Anankina ho an'ny Paositra.

Ny fizarana fahatelo dia ny fampiasana ny Kaonty Manokanan'ny Tahirim-bolam-panjakana dia ahitana fidiram-bola 1 490 374 127 000 Ariary sy fandaniana 2 572 401 962 000 Ariary. Mitentina 1 082 027 835 000 Ariary ny tsy fahampian'ny tetibola.

Ny fizarana fahaefatra dia ahitana ny fampiasana ny Tamberin'ny Vidin'entana Fanomezana avy any ivelany izay mitentina 4 610 744 000 Ariary ny fidiram-bola izay azo avy amin'ny fanampiana avy any ivelany vokatr'ireo fifanarahana samihafa. Ahitana fandaniana na «dépenses d'investissement» mitentina 8 907 000 000 Ariary raha toa 4 296 256 000 Ariary ny elanelana eo amin'ny fidiram-bola sy ny fandaniana.

Ny tsy fahampian'ny vola miditra eo amin'ny fizarana voalohany hatramin'ny fahaefatra dia vatsiana ao amin'ny fizarana fahadimy. Ny fizarana fahadimy dia mikasika ny famadihana ho renivola ny trosam-panjakana izay mitsinjara toy izao:

- Famatsiam-bola avy ato anatiny: mitsinjara amin'ny ankapobeny amin'ny «Bon du trésor» izay ahitana «souscriptions nettes» 103,0 Miliara Ariary, ny «avances statutaires» izay mitentina 34,0 Miliara Ariary; ny «autres avances» dia vola averina izay mitentina 191,0 Miliara Ariary ary ny «paiements différés» kosa fandoavam-bola mitentina 300 Miliara Ariary.
- Famatsiam-bola avy any ivelany: ny «emprunts extérieurs» dia mitentina 3 714,3 Miliara Ariary, ny «aides budgétaires» dia mitentina 1 414,5 Miliara Ariary (FEC 460,6 Miliara Ariary, FRD 639,8 Miliara Ariary, BAD 314,1 Miliara Ariary). Ny «amortissement de la dette» kosa dia mitentina 880,9 Miliara Ariary.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**FANAMARIHANA:**

- Tokony hohazavaina amin'ny vahoaka ireo ezaka rehetra voalaza ato amin'izao Volavolan-dalàna izao mahakasika ny fampidirana hetra;

- Sarotra ny milaza fa mety ho tafarina Ambatovy amin'ny taona 2025 satria mihamatanjaka ny mpifaninana aminy any amin'ny firenena hafa toy i "Inde" ka mety tsy ho tratra ny vinavina amin'ny fampidiram-bola anaty. Hita ihany koa fa be loatra ny TVA tsy voaloa ary tsy ampy ny herinaratra any amin'ny faritra misy io orinasa io;

- Raha ny voalazan'ny LFI dia nihena ny fisondrotry ny vidim-piainana kanefa tsy hita mivantana amin'ny fiainan'ny vahoaka izany;

- Tokony haompana amin'ny fanavaozana ireo tohadrano efa tranainy ny fandaniam-bolam-panjakana fa tsy tokony halefa any amin'ny fanafarana masomboly vary safiotra avy any "Chine" amin'izao tsy fahampian'ny rano sy orana vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro izao sady efa manana masomboly voafantina ny eto Madagasikara;

- Ilaina ny fifampiresahana mialoha amin'ireo mpandraharaha misahana ny tolotra finday raha hikitika ny haba alaina amin'ny fifanakalozana atao amin'ny alàlan'ny finday toy ny "Taxe sur les Transactions Mobiles" (TTM). Ohatra, tokony fandefasana vola mihoatra ny 200 000 Ariary izay vao tataovana haba fa tsy 150 000 Ariary;

- Betsaka ny Kaominina izay mbola tsy nisitraka ny hetra tambatra ka tokony hatao ny fandoavana izany;

- Mba hidiran'ny volam-panjakana bebe kokoa dia tokony hanana NIF ny mpandraharaha tsirairay avy fa tsy ny orinasa ihany.

- Tokony hampiakarina ny isan'ireo mpiasa ho raisina ao amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony satria raha jerena ny PGE dia misy ny fametrahana ny Oniversite eny anivon'ny Faritra 24 kanefa dia toerana 100 ihany no azon'io

Ministera io. Eo ihany koa ny tetibola mahakasika ny asa fikarohana izay 0,2% ihany no natokana ho amin'izany kanefa ny an'ny Fampianarana Ambony dia 99,8%-n'ny tetibola no voasoratra ao.

- Tokony hojerena akaiky ny fampiakarana ny karaman'ireo mpiasam-panjakana satria efa ela ihany izy ireo no tsy nisitraka izany kanefa ny vidim-piainana tsy mitsahatra ny miakatra hatrany.

- Tokony hojerena akaiky ny fandoavana ny tambim-karaman'ireo Sefo Fokontany satria dia efa 11 volana izy ireo no tsy nandray izany.

- Tokony hojerena manokana ny BNGRC satria maro ny asa sahaniny mahakasika ny voina.

- Tokony hampiakarina ny tamberim-bidy (redevance) alaina amin'ny jono satria nahitana fihenana izany raha oharina tamin'ny taon-dasa;

- Tokony hojerena manokana ny voka-dratsy ateriky ny orinasa «Base Toliara» fa tsy ho faly ny hahazo ny 20 tapitrisa dolara amin'ny fananganana ny orinasa ihany ny Fanjakana satria raha hamorona asa ho an'olona 450 io orinasa io dia olona 40 000 kosa no ho simba foto-pivelomana vokatr'izany.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**<u>FANONTANIANA SY VALINY:</u>**

1. Manao ahoana ny toeran'ny Ariary manoloana ny Dolara sy ny "Euro"?
   - ➢ *Misy foana ny fihenan'ny Ariary raha oharina amin'ny Dolara sy ny "Euro" fa ny tena tanjona dia ny hifehezana izany amin'ny alàlan'ny fandraisan'andraikitry ny Banky Foiben'i Madagasikara.*

2. Inona no fanovàna vaovao entin'ity Volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ity?
   - ➢ *Maro ny fanovàna raiketin'izao Volavolan-dalàna izao raha tsy hitanisa afa-tsy ireto teboka manaraka ireto: ny famokarana vary izay anafarana masomboly vary safiotra avy any "Chine" ka hahazoana vokatra 8 hatramin'ny 12 taonina isaky ny hekitara raha toa 3 hatramin'ny 4 taonina isaky ny hekitara izany teo aloha. Hitombo ny voka-bary eto an-toerana ary hihena ny fanafarana vary. Anisan'ny fanovàna ihany koa ny fanokanana tetibola hananganana tobim-pamokarana herinaratra azo avy amin'ny herin'ny masoandro (énergie solaire) sy avy amin'ny rivotra (éolienne) mba hampihena ny fanafarana solika. Eo ihany koa ny fisian'ny fanovàna teo amin'ny "Code minier" izay efa mihatra. Nisy araka izany ny fepetra noraisina ao amin'io "Code minier" io ho an'ireo mpanondrana harena an-kibon'ny tany mankany ivelany.*

3. Nahazoana fanampiana ve ny masomboly amin'ny "riz hybride"?
   - ➢ *Tsy mbola manana ny "informations" mahakasika izay ny tekinisiana eto anivon'ny MEF.*

4. Laharana fahafiry i Madagasikara amin'ny ireo Firenena mpamokatra "graphite"?
   - *I "Chine" no* mpamokatra *"graphite" voalohany maneran-tany izay mamatsy 65% eo amin'ny tsena iraisam-pirenena ary fahaefatra kosa i Madagasikara eo amin'ny filaharana. Voalohany atỳ Afrika ary mamokatra ny 8%-n'ny "graphite" eo amin'ny tsena iraisam-pirenena izy.*

5. Nahoana no nisy fampiakarana ny hetra alaina eo amin'ny toaka sy sigara?
   - *Mba ho fitsinjovana ny fahasalamam-bahoaka no nahatonga ny fampiakarana ny hetra tsy mivantana eo amin'ny toaka sasany sy ny sigara.*

6. Ahoana no fomba hiadiana amin'ireo sehatra tsy manara-dalàna izay tsy mitsaha-mitombo mba hidiran'izy ireo amin'ny sehatra manara-dalàna?
   - *Ampirisihina ny tanora mba hanangana orinasa ary zarina izy ireo mba handoa hetra.*

7. Maninona no tsy any amin'ny «opérateur» mivantana no maka ny haba alaina amin'ny fifanakalozana atao amin'ny alàlan'ny finday (TTM)?
   - *Raha vonona ny «opérateur» handoa ny haba dia azo atao ny mampitsahatra ny haba alaina amin'ny mpanjifa*

8. Efa nisy ve ny fifampiresahana teo amin'ny DGI sy ireo mpandraharaha misahana ny tolotra finday mialohan'ny nametrahana ny haba alaina amin'ny fifanakalozana atao amin'ny alàlan'ny finday?
   - *Mialohan'ny namolavolana ny PLFI 2025 dia efa nisy ny fifampiresahana teo amin'ny fanjakana sy ireo sehatra tsy miankina.*

*9.* Maninona no samihafa ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana eo amin'ny entana fanafatra avy any ivelany sy ny eto an-toerana?
   - *Natao izany mba hiarovana ny orinasa eto an-toerana*

10. Ahoana no misy olana ny mahakasika ny hetra amin'ny trano miorina (IFPB)?
    - *Tsy ampy ny «recouvrement» ataon'ny Kaominina satria tsy voafaritra mazava ny vola aloan'ny mpanjifa izay tapahan'ny Mpanolotsainan'ny Kaominina ka nahatonga azy ireo harisarisa amin'ny fandoavana izany.*

11. Tsy mifanohitra amin'ny Lalàna laharana faha-2014-020 ve ny fandraisan'ny fandraharahanan'ny hetra ny famoriana ireo hetra eny anivon'ny Kaominina?
    - *Vao mainka aza manatsara ny famoriana ny hetra IFT sy ny IFPB izany ary hampitombo ny vola miditra eny anivon'ny Kaominina sy ny Faritra. Tsy manitsaka ny Lalàna laharana faha-2014-020 ihany koa izany.*
    - *Misy ihany koa ny SIGRNF hampiasaina eny amin'ny Kaominina hanatsarana ny vola miditra*

12. Tsy azo atao ve ny mampidina ny hetra alaina amin'ny vola miditra mba hahatonga ny mpandraharaha hiditra amin'ny sehatra manara-dalàna?
    - *Efa ambany io taha alaina io raha ampitahaina amin'ireo firenena hafa, fa ny tokony hatao dia ny fanatsarana ny fomba fandoavana hetra.*

13. Inona no fepetra raisin'ny eo anivon'ny Sampandraharaha misahana ny hetra mba hisorohana ny «évasion fiscale» sy ny kolikoly?
    - *Napetraka ny "e-hetra" mba hisorohana ny kolikoly amin'ny fandoavana hetra ka hialana amin'ny fifaneraserana mivantana eo amin'ny mpandoa hetra sy ny mpiasan'ny hetra, hamafisina ihany koa ny fanentanana ara-ketra sy ny fanaraha-maso ary mbola tohizina hatrany ny fanaovana ny "digitalisation"*

14. Ny fampiakarana ny haban'ny fanafarana ny entona fandrehatra (gaz) ho 10% ve tsy mitarika ny fampiasana ny kitay?
    - *Tokony ho 20% io haba io raha ny tokony ho izy fa natao ho 5% izany mba hiarovana ny tontolo iainana. Noho ny fangatahan'ireo mpaninjara entona fandrehatra nandritra ny fanomanana an'ity volavolan-dalàna ity dia hampiakarina ho 10% ny haba alaina. Ny antony dia miteraka "crédit de TVA" goavana ho an'izy ireo ny haba 5%. Manamarika anefa ireo mpaninjara entona fandrehatra fa tsy hisy fiantraikany amin'ny vidiny entona fandrehatra izany fiakarany izany.*

15. Inona no paikady hahazoana vokatra eo amin'ny fanaraha-maso ny Fadintseranana?
    - *Maro ny paikady fa ny fametrahana ny IA (Intelligence Artificielle) ankehitriny no antenaina hahazoana vokatra amin'ny fomba faran'izay haingana raha ny amin'ny "contrôle aux frontières". Arak'izany, ny IA no hanao ny "analyse des risques" amin'ny entana miditra.*

16. Inona no vahaolana amin'ny fitarainana momba ny «Gasy Net» eo fanafarana entana «occasion»?
    - *Ny "Gasy Net" no manao ny tombam-bidy ho an'ny fiara "occasion" na efa niasa miditra eto Madagasikara ary amin'ny alàlan'ny "Argus" no anaovany izany. Raha teo aloha dia avy any "Europe" ny fiara "occasion" miditra fa ankehitriny dia avy any "Asie" no betsaka. Eo andalam-pametrahana ny fomba hijerena ny tombam-bidy mahakasika izany ny Fadintseranana.*

17. *Ahoana ny mahakasika ny "Admission temporaire" sy "Admission temporaire spéciale"-n'ny entana miditra dia avy eo amidy?*
    - *Ao anatin'ny voakasiky ny AT sy ATS ny fifanarahana amin'ny asa vaventy atao na ny fandoavana tsikelikely ny vidin'ny entana afarana. Izany dia misy fepetra manokana mahakasika ny haba. Mba hialana amin'ny fanararaotana ny AT sy ATS dia misy ny sazy ara-bola raha hita fa tsy mitombina ny nampiasana azy ka tokony "mise à la consommation" avy hatrany no atao.*

18. Inona no karazana solomaso nasiana haba?
    - *Ny solomaso «contre soleil» no nakana haba fa ny solomaso «correctif» kosa dia tsy voakasik'izany.*

19. Tsy mandoa haba koa ve ireny entana sy fanafody amidy mora eny amoron-dàlana ireny?
    - *Mandoa haba daholo ny entana rehetra ankoatr'ireo izay efa nahazo fanalefahana araka ny Lalàna. Mikasika ny fanafody dia misy ny «certificat de conformité» avy amin'ny AMM vao afaka mamoaka ny entana ao amin'ny Fadintseranana. Marihana fa eo andalam-panamboarana ny laboratoara ao Toamasina hahafahana mitily ireo entana rehetra mila izany alohan'ny fidirany eto amin'ny tany sy ny firenena. Izany dia hanampy ny Fadintseranana amin'ny fanaraha-maso ataony eny amin'ny sisin-tany.*

20. Tsy ambony loatra ve ny haba alaina amin'ny fanafarana entana?
    - *Ny fampiakarana ny haba dia fampirisihana ny famokarana eto an-toerana satria ny toekarena matanjaka amin'ny firenena iray dia tsy miankina amin'ny fanafarana. Izay indrindra no mahatonga ny haban'ny akora mbola tsy voahodina ho 5%; ny entana efa voahodina kosa dia 20% no habany. Ny Fadintseranana dia fitaovana ampiasain'ny Fanjakana hahafahany mikirakira ny vola mba hifehezana ny entana afarana raha toa izany ka manimba ny famokarana anatiny. Raha atao ny fampitahana amin'ny firenena hafa dia misy mampihatra haba hatramin'ny 60%. Ankoatra izay ny haba 20% dia hahafahana ihany koa mandrisika ny mpandraharaha amin'ny famokarana azy eto an-toerana.*

21. Ahoana ny ady atao amin'ny kolikoly? Misy vola natokana ho amin'izany ve?
    - *Ny «Transformation digitale» no isan'ny paikady atao amin'ny fiadiana amin'ny kolikoly. Ho fanatsarana ny fomba fiasa eto anivon'ny Fadintseranana dia hapetraka ny IA hanao ny "analyse des risques". Ny "contrôle a postériori" moa dia afaka atao hatramin'ny telo taona aorian'ny "Déclaration en douane".*
      *Ankoatra izay ny Fadintseranana dia nametraka ny "contrat de performance" ho an'ny "vérificateurs" ary ny "convention d'objecif" ho an'ny «Chef de Service» sy ny «Receveurs» eran'ny birao rehetra. Marihana ihany koa fa ny asa rehetra atao eo anivon'ny Fadintseranana dia efa "digitalisé" avokoa na efa "en cours de digitalisation", ohatra amin'izany ny fanomezana "exonération"*

*22.* Voafetra ny «Code des douanes» ihany ve ny ZES?
    - *Tsy voafetran'ny « Code des douanes» ny ZES fa mety ho «Code maritime» na «Code des impôts» araka izay tandrify azy. Raha ny mahakasika ny fanafarana entana sy ny fanondranana entana dia ny Fadintseranana no miandraikitra izany.*

*23. Afaka azavaina kokoa ve ny nametrahana ny ao anatin'ny fanovàna ny "Code des Douanes" mahakasika ny fijerena ny fiavian'ny entana?*
    - *I Madagasikara dia nanaiky hiditra amin'ny fifanarahana samihafa toy ny SADC sy ny COMESA, izay manome tombony manokana amin'ny haba aloa ho an'ny entana mangataka «origine». Mba hiarovana amin'ny hosoka mety hiseho dia mila apetraka tsara ny fepetra amin'ny fiavian'ny entana.*
      *Ny Fadintseranana no miandraikitra ny fampiharana izany fepetra izany.*

24. Tsy mampihena ny mpampiasa ny «mobile money» ve ny fametrahana ny haba alaina amin'ny fifanakalozana atao amin'ny alàlan'ny finday (TTM)?
    - *Tsy hetra vaovao akory izy io fa fampandraisana anjara amin'ny fandoavan-ketra ireo sehatra tsy ara-dalàna (secteur informel).*

25. Maninona no nahena ny entana sy ny raharaha eny amin'ireo Minisitera sy ny Andrimpanjakana rehetra?
    - *Mikasika ny fanenana ny «Biens et services» dia "mesures générales" izy io, izany hoe «baisse générales des dépenses courantes» no natao.*
      *Nahena izy io satria nofoanana avokoa ireo fety sy "cérémonie" isan-karazany eny anivon'ireo Minisitera. Mandroso tsikelikely amin'ny «digitalisation» ihany koa isika mba ahafahana manaroma ny asa, manatsara ny kalitaon'ny "service public" ary mampidina ny fandaniana toy ny taratasy.*

26. Inona no fepetra tokony horaisina amin'ireo mpiasam-panjakana manoloana ny fiakaran'izao vidim-piainana izao?
    - *Laharam-pahamehana mihitsy ny fitazonana ny "pouvoir d'achat". Tsy ho an'ny mpiasam-panjakana irery ihany fa ho an'ny vahoaka manontolo. Anisan'izany ny tsy fampiakarana hetra amin'ny entana toy ny vary sy ny fanafody. Tafiditra ao anatin'izany ihany koa ny fametrahana ireo tetikasa hampiakarana ny famokarana vary sy herinaratra.*
    - *Ho an'ny mpiasam-panjakana manokana dia eo ny fanatsarana hetsika fampivoarana amin'ny toeran'asa (gestion des carrières):*
      *Fanomezana fahafahana miditra malalaka amin'ny fiofanana mitohy mba hampitombo ny fahaiza-manao sy hanampy amin'ny fandrosoana eo amin'ny asa.*
    - *Fepetra fanonerana: fanomezana tombontsoa ara-tsosialy manokana toy ny tohana ara-bola amin'ny saram-pianarana sy ny fanonerana ny saram-pitsaboana.*

27. Inona no fandraisana anjara natao amin'ny fividianana vaksiny satria hita fa niakatra ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka?
    - *Raha ny hita ao amin'ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana dia mizara ho toy izao ny fividianana vaksiny:*
      *-"Vaccin de routine": 3 Miliara Ariary, RPI;*
      *-"Vaccin COVID": 76 Miliara Ariary "PIP externe" izay misy ampahany hividianana fitaovana fitehirizana vaksiny;*
      *-"Vaccin moderne": 70 Miliara Ariary "PIP externe".*

28. Natao laharam-pahamehana ve ny rano? Toy ny fanaovana tohadrano ary firy isan-jato ny vola natokana amin'izany? Firy no isany ary aiza ny toerana hanaovana azy? Ahoana ny mahakasika ny "périmètre irrigué" sy ny tetibola amin'izany?
    - *Natao laharam-pahamehana ny rano fa tsy voafaritra mazava kosa ny isany sy toerana hanaovana izany satria manerana an'i Madagasikara ny asa hatao. Mahakasika ny "périmètre irrigué" kosa dia mitentina 58,5 Miliara Ariary nampiasaina ny taona 2022.*

*110 Miliara Ariary nampiasaina ny taona 2023; 42,8 Miliara Ariary misoratra ny taona 2024 ary 64 Miliara Ariary ny vola hatokana amin'izany ny taona 2025.*

29. Nahoana no niakatra ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena kanefa nihena ny isan'ny mpiasa raisina?
    - *Teo anelanelan'ny taona 2019 sy 2023 ny MEN dia nisitraka "Postes budgétaire" miisa 38 791 (tsiahivina fa nisy ny fampiatoana fandraisana mpiasa vaovao tamin'ny taona 2024). Amin'ireo rehetra ireo dia 34 671 no efa andoavana karama raha toa ka 4 120 no efa andalana ny fikirakirana azy ary handoavana karama amin'ny taona 2025 miaraka amin'ireo "Postes budgétaires" vaovao miisa 3 000 izay homena azy.*

30. Aiza ho aiza no misy ny fandoavana ny fanampiana na "subvention" mahakasika ny famatsiana solika ny JIRAMA? Ny fandoavana ny trosan'ireo "prestataire"? Tsy hiteraka olana ve raha tsy omena famatsiam-bola intsony ny JIRAMA kanefa ny fitaovana sasany mbola tsy tonga?
    - *Ny JIRAMA irery ihany no tokony handoa ny volan'ireo "prestataire" sy ny mikirakira ny volany satria raha ny sata mifehy azy dia "Entreprise à participation de l'Etat" izy io, fa noho ny tsy fahafahany mandoa izany dia miditra an-tsehatra manampy azy ny Fanjakana mandoa ny solika sy ny fanofana ireo "groupe".*
    - *Ao anatin'ity lalàna mifehy ny tetibola 2025 ity dia novaina ny fomba hanampiana ny JIRAMA. Raha toa ka fanampiana amin'ny fividianana solika sy fanofana "groupe" izany teo aloha, avy hatrany dia ny fampitaovana ahafahana mampiakatra ny famokarana herinaratra no natao. Misy amin'ireo milina ireo no efa tonga eto Madagasikara ankehitriny ka ny "installation" sisa no hatao.*

31. Ahoana marina ny «investissement» atao amin'ny JIRAMA?
    - *Hisy ny fananganana tobim-pamokarana herinaratra avy amin'ny masoandro izay mahatratra 250MW ka ny 150MW dia avy amin'ny Fanjakana ary ny 100MW kosa dia avy amin'ny tsy miankina. Hisy koa ny «installation centrale thermique» izay hamokatra 105MW sy ny «installation centrale solaire» izay hapetraka any amin'ny Faritany enina. Eo koa ny tobim-pamokarana herinaratra avy amin'ny rivotra izay hamokatra 30MW ary hapetraka any Antsiranana sy Antananarivo.*

32. Mety tsy ho ampy raha ny resaka zezika sy masomboly fotsiny no vidina fa tokony hasiana resaka ihany koa ny mahakasika ny fitaovana entina mamboly; ahoana ny amin'izany?
    - *Tsy mbola ananan'ny tekinisiana eo anivon'ny MEF ny mahakasika izay. Raha ny taona teo aloha dia efa nisy ihany fampitaovana entina mamboly.*

33. Voasoratra ao anatin'ity tetibola ity ve ny vatsim-pianaran'ireo mpianatry ny Oniversite?
    - *Eny, efa tafiditra ao ary 42 Miliara Ariary ny vola natokana amin'izany misoratra ao amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony*

34. Aiza no mivantana ny volan'ny ONN?
    - *Ny ONN dia "Organisme rattaché" eo anivon'ny Primatiora. Noho izany dia ao amin'ny Primatiora no ahitana ny sorabola ho an'ny ONN.*

35. Aiza ho aiza ny «taux d'exécution budgétaire»?
    - *Raha ny «solde» no jerena dia 85,5% izany amin'izao fotoana izao. Ny "indemnité" 70,5%, ny "transfert" 64,7%, ny "biens et services" 72,9%, ny «PIP internes» 32,1 % ary ny «PIP externes» 10,5%. Momba ny "PIP externe" manokana dia nisy ny fanovàna fomba fiasa tamin'ity taona ity, ao ihany koa ny fampiasana "logiciel" vaovao ka izay no manazava ny "taux d'exécution". Misy ny fikirakirana ireo antontan-taratasy nanaovana ny fandanina izay ampidirina ao anaty SIIGFP ka miankina amin'ny izany io "taux" avoakan'ny SIIGFP io. Marihana anefa fa tsy miankina amin'ny fampidirana ny antontan-taratasy ao anaty SIIGFP ny firosoan'ny asa ataon'ny "projets".*

36. Inona no mba fepetra raisina raha toa ka misy fahatarana ny famoahana ny vola azo avy amin'ny FEC?
    - *Misy ny fomba azo atao raha misy izany fahatarana izany toy ny fandrindrana ny fandaniana amin'ny «taux de régulation», eo koa ny «mobilisation de l'avance statutaire».*

37. Ahoana no hifehezana ny tsiambaratelon'ny mpanjifa amin'ny alàlan'ny «transaction»?
    - *Mijanona ho tsiambaratelo ny mahakasika ny olona rehetra izay manao ny «transaction» ary voatokana hitazona izany tsiambaratelo izany ny eo anivon'ny sampandraharaha misahana ny hetra.*

38. Ahoana ny mahakasika ny fandaniam-bola misahana ny fanamboaran-dàlana ao amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy, ahoana ihany koa ny fampiasana ny vola eo anivon'ny FR?
    - *Voarakitra ao anatin'ny «tome 2 livre 2 annexe 9: Projet d'Investissement Public» ny fandaniam-bola amin'ny fanamboaran-dàlana ataon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy. Ny «Fonds Routiers» dia manana fahaleovan-tena ara-pitantanana sy ara-bola amin'ny maha orinasam-panajakana azy. Noho izany dia izy irery ihany no mamaritra ny sora-bola entiny miasa sy ny drafitr'asa hataony. Misy kosa ny fitsirihana sy fanaraha-maso ataon'ny Fanjakana ary ny volany dia any amin'ny kitapom-bolam-panjakana.*

39. Ahoana ny fomba ahazoan'ny Kaominina sy ny Faritra ny tamberim-bidy (redevance) avy amin'ny fitrandrahana ireo harena an-kibon'ny tany tao aminy?
    - *Miankina amin'ny «Code minier» izay efa misy rijan-teny fampiharana nivoaka vao haingana ny fahazoan'ny Kaominina sy Faritra ny tamberim-bidy avy amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ao aminy.*

40. Tsy afaka manampy ireo olom-boafidy amin'ny fanaraha-maso ve ny tomponandraikitry ny hetra manoloana ireo vato «micas» mivoaka avy any amin'ireny Faritra misy azy ireny indrindra fa ny avy ao amin'ny Faritr'Ihorombe?
    - *Ny eo anivon'ny tahirim-bolam-panjakana dia tsy afaka mitaky ny tamberim-bidy raha tsy misy «ordre de recette». Raha misy izany «ordre de recette» izany ka tsy manatanteraka ny fitakiana ny tamberim-bidy ny tomponandraikitra dia mahavoasazy azy izany.*

41. Tsy tokony ho amin'ny «avance statutaire» ve no hamenoana ny fatiantoky ny tetibola?
    - *Ny «avance statutaire» dia mety hampisy voka-dratsy amin'ny kitapom-bolam-panjakana satria fohy ny fotoana hamerenana azy (1 taona) ary ambony ny zanabola sady ambongadiny ny famerenana azy. Ny tsara kokoa dia ny «bons du trésor» no hanatanterahana izany satria manatombo ny fotoana hamerenana azy (2 na 3 taona) ary ambany ny zanabola sady azo averina tsikelikely*.

42. Tena misy marina ve ny vola 10 Miliara Ariary hanamboarana ny RN42 (Fianarantsoa-Ikalamavony)?
    - *Ny 3 Miliara Ariary dia sora-bola izay mbola hotadiavina fa ny 7 miliara Ariary ao anatin'ny FR dia efa vonona.*

43. Inona no vahaolana amin'ny fahataran'ny fikarakarana antontan-taratasy ho an'ireo izay manan-draharaha eny amin'ny tahirim-bolam-panjakana?
    - *Efa maro ireo fanatsarana izay nentin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ho fanafainganana izany toy ny fametrahana ny «E-salohy» izay ahafahan'ny tsirairay manaraka ny antontan-taratasiny. Eo ihany koa ny fametrahana ny rafitra FIFO izay midika hoe izay tonga aloha no jerena sy karakaraina mialoha.*

44. Tsy misy fomba hanafainganana ny famerenana ny vola azo avy amin'ny «Impôt Synthétique» eny anivon'ny Kaominina ve?
    - *Raha ny eo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana dia tsy misy mihantona ny IS. Raha mahakasika ny vola alefa any amin'ny Kaominina dia efa misy ny fanatsarana nentin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ka hafainganina izany amin'ny alàlan'ny rohy mba hahitan'ireo tomponandraikitra eny anivon'ny Kaominina avy hatrany na amin'ny solosaina na amin'ny finday ny fahazoana izany vola izany. Efa tontosa io rohy io fa miandry ny fifidianana Kaominaly hanaovana "enrolement" an'ireo tomponandraikitra vaovao.*

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny isan'andinin'ny Volavolan-dalàna ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola;

- Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-2: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Andininy faha-3: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-4: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-5: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-6: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-7: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-8: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-9: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-10: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-11: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-12: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-13: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-14: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-15: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-16: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-17: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-18: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-19: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-20: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-21: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-22: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-23: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-24: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izany dia niroso tamin’ny fandaniana amin’ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna ny mpikambana ao amin’ny Vaomieran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Taorian’izay dia nolanian’ny Vaomieran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin’ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho amin’ny taona 2025 ary hoentina eo anivon’ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny Alakamisy 28 Novambra 2024, tamin’ny 6 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an’Andriamatoa Mpampakateny tamin’ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin’ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory ka nanome fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Nanambara Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, fa nanatrika ny asam-baomiera nataon’izy ireo, Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry, kanefa tsy tafiditra ao anaty tatitra ny anarany.

Nanamarika kosa Andriamatoa RANARIVELO Lucien, fa misy diso ny fanontaniana fahatelo ao amin’ny pejy faha-19. Misy «subvention» ve sa omena maimaimpoana ireo masomboly «riz hybride» ireo. Izay no fanontaniana napetraka tany amin’ny asam-baomiera.

Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, kosa nanambara fa tsy manana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra novakiana teo ny tenany.

Rehefa izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba ahafahany mamelabelatra ny antonanton'ity Volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 "portant Loi de Finances pour 2025" ity.

Nanambara, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa nafinaritra ny fifanakalozan-kevitra niaraka tamin'ny Solombavambahoaka nandritry ny fandinihana ity Volavolan-dalàna ity. Marika izany fa misokatra amin'ny adihevitra ny fitondram-panjakana ary porofo koa fa voadinika tsara fa tsy natao kitoatoa ity Volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 "portant Loi de Finances pour 2025" ity.

Nambarany koa fa tsy hamerina intsony ny efa voalazany teto amin'ny Lapa nandritry ny fanolorana ankapobeny an'ity volavolan-dalàna ity ny tenany ary tsy hamerina ny zavatra efa nodinihana tany amin'ny asam-baomiera.
Efa hita tao amin'ny tatitra novakiana teo avokoa ny tena votoatin'ity volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2025 ity.

Mijanona ho 5% araka ny vinavina tany am-piandohana ny harinkarena faoben'i Madagasikara. Tsy misy miova ny lafiny fandaniam-bola ary mitovy amin'ny laharam-pahamehana teo aloha ihany. Tsy inona izany fa ny jiro sy ny vary, ankoatran'ny tetikasa maro izay hovitaina isaky ny rafi-panjakana rehetra.

Teo amin'ny lafiny fampidiran-ketra no nitondrana fanovàna rehefa nandeha ny adihevitra rehetra. Izahay ao amin'ny Minisitera, rehefa nahazo ny fankatoavan'ny lehibe eto amin'ny firenena no nanova izany fa tsy hoe fanitsiana teo anivon'ny vaomiera akory. Efa noentina tao amin'ny asam-baomiera ireo fanovàna natao ireo. Tsongaina manokana amin'izany ny hetra alaina amin'ny fandefasana vola amin'ny alàlan'ny finday. Rehefa nosokafana tamin'ny adihevitra rehetra ny volavolan-dalàna dia nisy ny fifandresen-dahatra niaraka tamin'ireo mpandraharaha voakasika. Tapaka tamin'izany fa hitazona ny fepetra amin'ny fanatsarana ny fampidiran-ketra ny fanjakana ary ny anarany dia tsy miova fa "taxe sur les transactions mobiles". Ny fomba fikajiana azy no niova araka ny "contre proposition" nataon'ireo mpandraharaha. Izany hoe, hiova ny tahan'ny hetra alaina ary hiova koa ny "assiette" asiana azy. Raha 0,5% amin'ny totalim-bola ny fandefasana napetraka teo aloha, nifanarahana tamin'ireo mpandraharaha fa hatao 5% amin'ny "chiffre d'affaire" ny "commission" alaina amin'ireo mpandraharaha. Izay no nifanarahana tamin'izy ireo taorian'ny fifampiresahana. Mba ho fanaraha-maso izay "chiffre d'affaire" izay dia hametraka fitaovana manokana haitao arakajy mirindra ny fitondram-panjakana eny anivon'ireo mpandraharaha mba ahafahana mahita sy manara-maso ireo "transaction" rehetra amin'io "chiffre d'affaire" io. Izany dia iarahana miasa amin'ny ARTEC.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny famelabelarana narosony, Andriamatoa Filoha dia nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nangataka mba ho ny Filohan’ny Vondrona Parlemantera ihany no omena fitenenana ary aorian’izay tonga dia miroso amin’ny tsangan-tànana satria efa maro ny Solombavambahoaka nametraka fanontaniana nandritry ny asam-baomiera.

Nanambara kosa Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry, fa tsy ny Solombavambahoaka rehetra no nandray anjara tamin’ny asam-baomiera ka aleo ny Solombavambahoaka hiteny satria ain-dehiben’ny firenena no resahana eto.
Nomarihany koa fa tsy azo atao izany manampina vavan’ny Solombavambahoaka izany alohan’ny handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna iray, indrindra fa ato amin’ny Lapan’ny demokrasia, ka aleo hajaina ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena. Izany hoe afaka maneho ny heviny ny Solombavambahoaka rehefa manatrika fivoriambe tahaka izao.

Taorian’izay, nisy Solombavambahoaka maromaro nanao satroka ka nomen’Andriamatoa Filoha fitenenana.

Nambaran’Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa hevitra roa no nisongadina teo ka aleo ny fivoriambe no mandray fanapahan-kevitra raha hiteny avokoa ny Solombavambahoaka na ny Filohan’ny Vondrona Parlemantera ihany no handray fitenenana.

Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph kosa nanamarika fa tsy «Question-Réponse» no hatao androany ka izay fandraisam-pitenenana mivaona amin’ny fandaharam-potoana dia tokony tapahana.

Andriamatoa PEPIN Michou kosa nanambara fa efa voadinika tsara tany amin’ny asam-baomiera ity volavolan-dalàna ity ka tokony avy dia miditra amin’ny tsangan-tànana ny fivoriambe.

Nanambara Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques fa misy Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ka tokony hajaina izany. Izany hoe rehefa vita ny famakiana ny tatitra dia tokony hiroso amin’ny adihevitra ny mpivory fa tsy tokony handraisana fanapahan-kevitra akory ny momba izany.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety indray nanambara fa vonona handany ny volavolan-dalàna ny tenany saingy tokony hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny aloha ny mpivory mba hazava tsara amin’ny rehetra ny pitsopitsony ao anatiny.

Nanamarika, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin, fa nanatrika ny asam-baomiera tao avokoa ireo Filohan’ny Vondrona Parlemantera, indrindra ny Vondrona Parlemantera FIRAISANKINA, ka tsy tokony hanaovana fihetsiketsehana be toy izao rehefa misy mpanao gazety manatrika satria raharaham-pirenena no dinihana eto.

Andriamatoa DARKHAOUI Sirtis kosa nangataka ny hirosoana avy hatrany amin’ny tsangan-tànana satria efa nazava tany amin’ny asam-baomiera ny zavatra tokony holazaina.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa atao solotena roa na telo isaky ny Vondrona Parlemantera no Handray fitenenana mba ho marimaritra iraisana. Izay no handraisana fanapahan-kevitra aloha.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 71 no nandany fa solotena 2 isaky ny Vondrona Parlemantera no handray fitenenana; Solombavambahoaka miisa 13 kosa no nandany fa hatao 3 isaky ny Vondrona Parlemantera no handray fitenenana.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa solotena 2 isaky ny Vondrona Parlemantera no handray fitenenana.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin ary nanontany raha efa tafiditra ao anatin'ny solotena roa mandray fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa mitokana ny fandraisam-pitenenan'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ankoatran'ny solotena miisa roa mandray fitenenana.

Nanao satroka ihany koa Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry ary nanambara fa tsy mbola nisy teto amin'ny Antenimierampirenena ny fanampenam-bava Solombavambahoaka toy izao. Nomarihany fa tsy mahasolo ny Solombavambahoaka miisa 163 izany solotena roa homena fitenenana izany.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa fanapahan-kevitry ny fivoriambe vao teo izany fa tsy hevitra azy irery.

Nanao satroka Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin ary nanambara fa tokony homena fitenenana izay Solombavambahoaka mahatsapa fa voatampim-bava.

Raha nanao satroka Andriamatoa MAMINIRINA Jolce Emilien, nanambara fa efa nanatrika asam-baomiera avokoa ireo Solombavambahoaka milaza fa voatampim-bava ireo kanefa tsy nisy nandray fitenenana izy ireo tany amin'ny asam-baomiera.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisam-pitenenana ny Vondrona Parlemantera ka ny avy ao amin'ny Vondrona Parlemantera IPAD no hanomboka izany.

Nanambara Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety fa resy lahatra amin'ity volavolan-dalàna ity ny tenany satria manome lanja ny fambolena sy fiompiana.

Nangataka ny tenany mba tsy hatao tara intsony ny fizarana ny vatsim-pianarana ho an'ireo mpianatra eny amin'ny Ambaratonga Ambony satria miteraka olana ho azy ireo izany fahatarana izany.

Nangatahany toy izany koa ny hanomezana ny karaman'ireo Sefo Fokontany satria efa ho iray taona sy tapany no tsy nandraisan'izy ireo izany.

Momba ny resaka fampianarana, efa nampiakarina ny tetibolan'ny Minisitera kanefa nidina indray ny isan'ny mpiasa horaisina. Maro ny mpiasa efa niasa nandritra ny 30 taona saingy tsy misitraka fisotroan-dronono akory. Ny antony, mbola mijanona ho «contractuel» hatrany izy ireo. Noho izany, tokony haverina 10 000 isa toy ny tamin'ny taona 2021 indray ny «recrutement» hatao.

Mikasika ny fahavitan-tena ara-tsakafo indray, tsy ho tanteraka izany raha tsy voafehy ny rano. Tsy voalaza ato anatin'ny volavolan-dalàna anefa ny hoe firy no isan'ny barazy hamboarina. Izany hoe, tokony voateny mazava izany sy ny toerana hanaovana azy.

Rehefa izany, nomena fitenenana Andriamatoa AHMAD Ahmad ary nanambara fa vonona ny handany ity volavolan-dalàna ity ny tenany na dia "indépendant" aza.

Nomarihany fa ny resaka fambolena sy fiompiana ary ny jono no tena andaniana vola kanefa ny Distrikan'i Mitsinjo tsy mba manana na dia teknisiana iray momba izany aza satria tsy misy "recrutement" natao.
Nangataka koa ny tenany mba hampitoviana avokoa ny "investissement public" isaky ny Faritra satria misy Faritra tsy mba mahazo an'izany kanefa mampidi-bola ho an'ny fanjakana.

Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges kosa nanontany ny mety ho fiatrainkan'ny fampiakarana ny hetra alaina ao amin'ny fadintseranana. Nambarany fa lasa akana hetra koa ny odimoka ka mety hampitombo ny taham-pahafatesana ateraky ny tazomoka izany.

Momba ny JIRAMA indray, mila jerena akaiky ny mikasika azy satria mamono mpandraharaha maro ny fahatapan-jiro lavareny sy ny tsy fahampian'ny rano ampiasana amin'ny asa ataony.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana solotenan'ny Vondrona Parlemantera GPRI.

Nanambara Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin, fa tokony hampitomboina ny «recrutement» eo anivon'ny Tafika. Any ambanivohitra no tena mijaly amin'ny resaka tsy fandriampahalemana ka tokony hampiakarina ny isan'ny Zandary sy Miaramila horaisina raha ampitahaina amin'ny isan'ny Polisy.

Andriamatoa NOURDINE Chabani kosa nanambara fa tsy tokony hotataovana hetra maro loatra ny orinasa eto an-toerana mba hisian'ny fifaninana amin'ireo orinasa vahiny miasa eto amintsika. Izany hoe, mila arovana ny orinasa malagasy mba ahafahany manondrana vokatra any ivelany.

Momba ny rano, tokony halefa haingana ny tetikasa Efaho fa tena ilaina izany any amin'ny Faritra Atsimo.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, fisaorana tamin'ny fampiakarana ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Rano no nataony voalohany satria miankina amin'ny fisian'ny rano ny herinaratra sy ny vokatra eto amin'ny firenena.

Nambarany koa fa tokony ho vita avokoa ny làlam-pirenena eto amintsika satria efa nampiakarina ny tetibola natokana ho an'ny Minisiteran'ny Asa Vavety.

Mikasika ny resaka «recrutement», nangataka ny hampiakarana ny «poste budgétaire» isaky ny Minisitera ny tenany satria maro ny tanora no miandrandra asa amin'izao fotoana izao kanefa tsy mahita asa.

Nangataka ny hanomezana solika ho an'ireo «engin» isaky ny renivohi-paritany ihany koa ny tenany mba ahafahana mampiasa azy ireny, fa tsy hiandry ny fanjakana foibe foana vao afaka miasa.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera FIRAISANKINA.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, nanambara fa tsy mifanaraka amin'ny zavatra andrasan'ny vahoaka Malagasy sy ny zava-misy eto Madagasikara ity volavolan-dalàna momba ny tetibola hampiasaina amin'ny taona 2025 ity. Ohatra amin'izany, 0,67% amin'ny «dépense globale» fotsiny no atokana ho an'ny Minisiteran'ny Rano. Mibaribary ihany koa ny tsy fanomezan-danja ny fampianarana eto Madagasikara ao anatin'ity volavolan-dalàna ity.
Nomarihany koa fa efa 5 taona izay no tsy niakatra mihitsy ny karaman'ny mpiasam-panjakana kanefa ny vidim-piainana mihamidangana hatrany. Tokony hojerena akaiky ny momba izany satria mijaly ny vahoaka fa tsy ny mpiasam-panjakana ihany.

Nangataka ny hametrahana «caisse nationale de stabilisation» ihany koa ny tenany satria mitsinjo ny vahoaka atỳ amin'ny firenena andalam-pandrosoana izany rehefa misy olana mitranga.

Nomarihany fa tsapany ny fahorian'ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao ka tsy ho anisan'ny hangataka fiara tsy mataho-dàlana ny tenany fa aleo hisy ampaham-bola ho an'ny Malagasy toy izay hampiasa an'io fiara io.

Andriamatoa RANDRIATAHINAMALALA Livasoa Moratiavina kosa nanambara fa lasa hamoaka vola vahiny ny fanjakana rehefa hividy masomboly «riz hybride» kanefa indray mandeha ihany no azo ampiasaina azy. Tsy hiteraka fantiantoka ve ny fanafarana izany masomboly izany raha izay no fandehany.

Nangataka ny tokony hanaovan'ny Minisiteran'ny Fambolena fandraisana ho mpiasam-panjakana injeniera maromaro mba hampianatra sy hampiofana ny tantsaha amin'ny fomba fambolena ny «riz hybride» izay hafarana avy any ivelany koa ny tenany raha azo atao.

Mikasika ny hetran-trano, niangavy ny tenany mba ho ny Kaominina ihany no hitantana izany fa tsy ny fanjakana foibe. Ny antony, amin'izay mba hisy fanampim-bola hahafahany mamelon-tena, mba hahazoany mamboatra fotodrafitrasa madinika na salantsany. Izany hoe, hitondra fivoarana ho an'ny Kaominina raha izy no mitantana ny hetran-trano.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry kosa no nanambarany fa nampiakarin'ny fanjakana daholo ny hetra kanefa tokony ho ny vola miditra amin'ny vahoaka Malagasy no mila ampiakarina.
Nangataka ny hanomezan'ny fanjakana toky ny vahoaka koa ny tenany fa tsy hiakatra ny vidin-tsolika amin'ny taona 2025 ho avy izao.

Momba ny fisotroan-dronono, nampiakatra ny azy ny «secteur privé» fa ny an'ny fanjakana toa tsy misy resaka amin'ny fampiakarana izany. Tokony hojerena akaiky ny mikasika an'izany satria mampalahelo ny mihaino ny tarainan'ireo zokiolona atỳ amin'ny Solombavambahoaka.

Ho an'ny "taxe sur les transactions mobiles" alaina amin'ny mpandraharaha, mety hiteraka fihenan'ny tolotra omen'izy ireo ny mpanjifa izany hetra alaina amin'izy ireo izany. Eo anatrehan'izay, mety ho maro koa ny olona ho very asa, indrindra ny tanora satria maro loatra ny hetra noforonin'ny fanjakana alaina amin'ny mpandraharaha ka hidina ny fahafahany manome tolotr'asa ka hitombo ny isan'ny tsy an'asa. Toy izany koa ny savony, akana hetra ihany koa kanefa kojakoja ilain'ny vahoaka Malagasy amin'ny andavan'androm-piainany izany. Tahaka izany ny vatoaratra na ny "pile", akana hetra koa kanefa ireny no tena ampiasain'ny vahoaka madinika any ambanivohitra satira tsy misy JIRAMA any an-toerana. Ny "groupe" ampiasain'ny orinasa rehefa tapaka ny jiro, mbola akan'ny fanjakana hetra ihany koa.

Momba ny fambolena, mikasa ny hampiakatra vokatra azo ny fanjakana kanefa ny fitaovana toy ny "tracteur" aza mbola akana hetra. Raha ny marina, rehefa mivoatra sy matanjaka ny fiainan'ny vahoaka Malagasy vao mampiakatra sy mamorona hetra isan-karazany tahaka izao ny fanjakana fa tsy amin'izao fotoana iainan'ny vahoaka ao anaty fahoriana izao. Izany hoe, tokony ho zavatra tena mitondra soa ho an'ny vahoaka no imasoana fa tsy resaka "gymnase, terrain" ary "building". Ny antony ilazana izany, mba tsy hangalatra intsony ny olona rehefa voky sy tsy mijaly ary ho foana ho azy ny tsy fandriampahalemana.

Mikasika ny masomboly hafarana any "Chine", hiteraka fiankinan-doha izany satria voatery hanafatra any amin'izy ireo foana ny fanjakana noho izy tsy ahazoana masomboly rehefa vita ny famokarana amin'ny taom-pambolena iray. Misy injeniera mahay anefa eny Itaosy eny, tany 1Ha ny azy afaka mamokatra vary 12 taonina. Tokony ho olona toy izany no jerena, fa tsy maika handeha hanafatra masomboly avy any ivelany isika.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana indray ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera IRMAR.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nantaon'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, no nanambarany fa tena tsara ity volavolan-dalàna ity matoa hatramin'ny Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena faha-7 aza manaiky azy.

Momba ny resaka fiara tsy mataho-dàlana voalazan'ny namana Solombavambahoaka nandray fitenenana teo, fitaovam-piasana toy ny rehetra ny fiara. Nomarihany fa tsy omena fotsiny izany fa esorina amin'ny karaman'ny Solombavambahoaka.

Nambarany koa fa misedra olana toy ny firenena rehetra i Madagasikara ka tsy maintsy mifehy kibo aloha isika. Rariny tokoa raha nampiakarina avo telo heny ny tetibola natokana hanaovana sosialim-bahoaka satria ilaina ny fifanampiana amin'izao zava-misy eto amin'ny firenena izao.

Mikasika ny masomboly “hybride” indray, ny tantsaha mihitsy no mangataka sy mila azy io mba ahafahan'izy ireo mampitombo ny vokatra ampiakariny mba hahatsara ny fambolena amin'izay afaka miala amin'ny fiankinan-doha matetika.

Momba ny fampiakarana karama, miakatra be ny vidim-piainana raha mampiakatra karama ny fanjakana. Nisy ny fepetra noraisina tamin'izany dia ny fanalefahana ny vidim-piainana amin'ny alàlan'ny fanaovana asa sosialy.

Nomarihany koa fa ity volavolan-dalàna ity no tsara indrindra tamin'ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana hitany hatramin'izay, ka nanentana ny Solombavambahoaka rehetra ny tenany mba handany izany.

Andriamatoa RAJOELINA Andriam-harimanana Seth, kosa nanambara fa tena tsara koa ity volavolan-dalàna ity satria sambany vao nisy fijerena manokana ny tantsaha hatramin'izay.

Nangataka ny hijerena manokana ny jiro koa ny tenany satria mampijaly ny vahoaka ny fahatapahan-jiro matetika. Ny antony, maro ny zavatra simba, ao ihany koa ny tsy fandriampahalemana.

Ny namaranany ny teniny dia fanentanana ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana mba handany ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibola, taona 2025, satria tena mitsinjo ny vahoaka Malagasy ny votoatiny.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès, fisaorana ny vaomiera nikarakara sy namakafaka lalina ny volavolan-dalàna no nambarany satria tsy mora ny asa vitan'izy ireo nandritra ny roa andro. Nomarihany fa tafiditra ao anatin'ity volavolan-dalàna ity avokoa ny filàn'ny Malagasy koa ankasitrahana ny fitondram-panjakana fa tena mitsinjo ny vahoaka tokoa.

Tahaka ny namany teo aloha, nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany an'izao volavolan-dalàna izao satria hitondra ny firenena amin'ny fampandrosoana ny fampiharana azy amin'io taona hiditra io.

Rehefa izay, nisaotra ny Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenana, Andriamatoa Filoha ary nanolotra izany ho an'ny solotenan'ny Governemanta.

Fiasaorana an'Andriamatoa Filoha, no nataon-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary nambarany fa mifantoka amin'ny fanatsarana ny fampiasana ny tetibola ny fanjakana. Mikaroka hatrany ihany koa izay heverina fa hampandroso ny firenena sy ny vahoaka Malagasy.

Nomarihany fa tsy i Madagasikara irery no ao anaty fandinihana ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona manaraka amin'izao fotoana izao, fa saika ny firenena rehetra maneran-tany mihitsy.

Maro ny fanamarihana sy fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo, ka hezahina hovaliana avokoa izany na dia tsy miantefa mivantana amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola aza.
Voalohany, mikasika ny vatsim-pianarana: efa misoratra ao anaty tetibola izany ka tsy tokony ho tara ny fizarana azy amin'ny mpianatra eny amin'ny Ambaratonga Ambony. Itondrana fanazavana ihany anefa ny fizarana azy mba hahitana ny tena olana marina. Ny oniversite no mandrafitra ny lisitry ny mpianatra mahazo vatsim-pianarana. Izy no mandefa izany any amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony. Mbola ny oniversite koa no manao ny "procédure" rehetra any amin'ny tahirim-bolam-panjakana ary ity farany no mandefa ny vola any amin'ny mpikirakira ny "e-Poketra". Tsy mety vita ara-potoana foana anefa io lisitra io isan-taona. Matetika koa ny lisitra tonga any amin'ny tahirim-bolam-panjakana dia ahitana anarana miverimberina kanefa efa misy "logiciel" ahitana izany ao amin'ny tahirim-bolam-panjakana. Lasa lany eo amin'ny enim-bolana eo ny roa tonta amin'ny fikirakirana ny resaka lisitra, ka mila anaovana ezaka izany ny fandrafetana azy mba hialana amin'ny fahatarana amin'ny fizarana ny vatsim-pianarana.

Manarak'izay, momba ny "recrutement", vitsy tokoa izany raha ampitahaina amin'ny zavatra ilaina, indrindra ho an'ny fampianarana. Tsara ho fantatra fa ny fandrafetana ny tetibolam-panjakana dia manaraka ny fenitra iraisam-pirenena ka misy "note" omen'ny "nations unies" izay mitsara azy. Tsy ny eo ambany maso ihany no jerena fa misy fenitra tsy maintsy arahina. Ny vola fandoavana karama sy ny "pension" dia efa misy "pourcentage moyen" na salan'isa amin'ny isan-jato tokony hampiasaina. Eo amin'ny 25%-n'ny hetra miditra ihany no azo andoavana karama ao amin'ny firenena iray, 40,4% anefa ny an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao. Izay no mahatonga ny "recrutement" nahena sy najanona mihitsy ny sasany. Efa mijery vahaolana momba izany ny fanjakana amintsika miteny izao amin'ny alàlan'ny Minisitera misahana ny Asam-panjakana, ka hisy "redéploiement" hatao amin'ny mpiasam-panjakana rehetra.

Mikasika ny fampiakarana ny vola isaky ny Minisitera, ekana fa kely izany raha oharina amin'ny "budget global". Tsy vita ao anatin'ny iray taona anefa ny fampandrosoana firenena saingy nisy fiovàna ho amin'ny tsara kokoa raha ampitahaina amin'ny teo aloha no jerena.

Momba ny hetran-tany sy hetran-trano, tsy esorina amin'ny Kaominina izany fa ny sampandraharahan'ny hetra no hanao hetsika amin'ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra na "digitalisation". Ny "digitalisation" ihany no itambarana fa ny hetra kosa miverina any amin'ny Kaominina hatrany. Ity farany koa no mamaritra ny tahan'ny hetra alaina ary ny sampandraharahan'ny hetra no manampy azy amin'ny fanangonana hetra. Tsara ho fantatra fa tsy manana zo hanasazy ny olona tsy mandoa hetra ny Kaominina fa ny sampandraharahan'ny hetra ihany no omen'ny lalàna fahefana afaka manao izany. Izay no mahatonga ny sampandraharahan'ny hetra manampy ny Kaominina amin'ny fampidiran-ketra araka ny voalaza teo.

Mikasika ny resaka hoe mety hiakatra ny vidin-tsolika, amin’ny volana Desambra ho avy izao no tokony hiditra ao amin’ny “Conseil d’Administration”-n’ny FMI ny firenena Malagasy saingy nisafidy ny hiandry amin’ny fotoana manaraka satria misy fepetra tsy maintsy arahana rehefa tafiditra amin’io “Conseil d’Administration” io. Ohatra amin’izany ny tsy maintsy anatanterahana ny “mécanisme d’ajustement automatique des prix à la pompe”. Ny FMI mihitsy no nametraka maneran-tany fa tsy tokony hisy intsony ny fanampiana avy amin’ny fanjakana amin’ny vidin-tsolika. Raha tsy manome “subvention” ho an’ny vidin-tsolika intsony anefa ny fanjakana, mety hiakatra na mety hidina ny vidin-tsolika. Izany hoe, miankina amin’ny vidiny maneran-tany ny fiakarana na fidinan’ny vidin-tsolika eto amintsika. Mbola tsy vonona amin’izany anefa ny firenena Malagasy raha ny zava-misy amin’izao fiainana izao no jerena satria ny vidin-tsolika amin’izao mbola misy “subvention” avy amin’ny fanjakana.

Taorian’izay, fisaorana ny rehetra naharitra nihaino azy tamin’ny valin-teny nomeny no nataon-dRamatoa Minisitra.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin’ny fanampim-panazavana sy valin-teny narosony, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra isan’andininy mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho amin’ny taona 2025 ny mpivory.

- Famelabelarana ny Antonantony: Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Famelabelarana ny Antonantony.

- Andininy voalohany: Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy voalohany.

- Andininy faha-2: fehezan-dalàna momba ny hetra sy ny paika arahina ara-ketra (Code des Impots et des Procedures Fiscales): Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-2.

- Andininy faha-3: Fadintseranana (Douanes): Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-3.

- Andininy faha-4: Ny vokatra sy ny vola miditra azo ampiharina amin'ny Tetibola amin'ny taona 2025 (Les produits et revenus applicables au budget 2025): Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-4.

- Andininy faha-5: Ny fara-fahabetsaky ny sorabola anomezan-dàlana ho an’ireo Zanabola avy amin’ny trosa, ireo vola omena ireo Andrimpanjakana sy Minisitera, ireo antom-pandaniana hafa, ny famatsiam-bola ireo Kaominina, ireo fandaniana ho an’ny Hana-pamokarana ary ireo asa marika fanitsiana: Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-5.

- Andininy faha-6: Ny fetra faratampon’ny sorabola ho an’ireo fahefana, rantsa-mangaika sasany ary ireo asa marika sasany: Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-6.

- Andininy faha-7: Ny fampiasam-bola (Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan’ireo entana fanomezana avy any ivelany: Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-7.

- Andininy faha-8: Ny fetra faratampon'ny sorabola azo aloa (Le plafond des crédits de paiement ouverts au Titre des Dépenses d'Investissement): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-8.

- Andininy faha-9: Tetibola anankina an'ny Tranom-printim-pirenena (Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-9.

- Andininy faha-10: Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-panjakana (Les opérations des Comptes Particuliers du Trésor):
Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-10.

- Andininy faha-11: Fanomezam-bola mialoha, fampisamborana ary fandraisana anjara (avances, prêts et participations): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-11.

- Andininy faha-12: Ny fampiasana ny vola vidin'entana fanomezana avy any ivelany sy izay mitovy lenta amin'izany (Les opérations génératrices de Fonds de Contre-Valeur et assimilées): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-12.

- Andininy faha-13: Ny vinavinan’ny kirakira momba ny trosam-panjakàna (prévisions des opérations de la dette publique): Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-13.

- Andininy faha-14: Ny fifandanjana ankapobeny (Conditions générales d’équilibre): Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka ary tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-14.

- Andininy faha-15: Fankatoavana ny Didim-panjakàna manova ny sora-bola ho fampandehanan-draharaha sy fampiasam-bolam-panjakana: Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-15.

- Andininy faha-16: Fetran’ny findramam-bola (Plafond de l’endettement): Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-16.

- Andininy faha-17: Fanomezan-dàlana ny Banky Foiben’i Madagasikara hanome Avansy ny Tahirimbolam-panjakana amin’ny taona 2025: Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-17.

- Andininy faha-18: Fanomezan-dàlana ny «Agence Comptable des Aides et des Fonds de Contre-Valeur» handrotsaka ny zanabola ateraky ny kaonty ho an’ny «Dons Hors Projet Japonais», «Programme d’Assistance Alimentaire et Programme de Développement

Economique et Social» izay misokatra eo anivon'ny Banky Foiben'i Madagasikara: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-18.

- Andininy faha-19: Mikasika ireo «Bons du Trésor Spéciaux» (BTS), GPM, JIRAMA: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-19.

- Andininy faha-20: Fanomezan-dàlana ny Tahirim-bolam-panjakana hanokatra kaontim-pametraham-bola ho an'ny olona na rafitra mizaka zo aman'andraikitra ara-dalàna, izay manana fifandraisana ara-bola amin'ny Andrimpanjakana:
Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-20.

- Andininy faha-21: Famoronana eo anivon'ny Sekretariam-panjakana misahana ny fiandrianana ara-tsakafo ny iraka «450- Souveraineté Alimentaire» ary ireo fandaharan'asa mifandraika amin'izany: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-21.

- Andininy faha-22: Fanafoanana ny tetibola anankin'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-22.

- Andininy faha-23: Fampirisihana ara-ketra rehetra voarakitra ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana sy ny Fehezan-dalàna momba ny hetra: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-23.

- Andininy faha-24: Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao. Hotanterahina izany fa lalàm-panjakàna: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-24.

Taorian'ny fandaniana isan'andininy, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 17 Jona 2004 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana izay mamaritra ny fomba arahina amin'ny fandaniana ny tetibolam-panjakana no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny.

- Momba ny tomban'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana (Equilibre Général du Projet de Loi de Finances pour 2025).

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny tomban'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana.

- Mikasika ny tomban'ezaky ny loharano sy ny fandaniana ny vola kirakira tomban'ezaky ny loharano sy ny fandaniana ny vola kirakira (moyens des Ministères et les autres dépenses affectées).

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny tomban'ezaky ny loharano sy ny fandaniana ny vola kirakira.

- Momba ny fitambaran'iraka eo anivon'ny Ministera rehetra (Répartition par Institution et Ministères).

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ny fitambaran'iraka eo anivon'ny Ministera rehetra.

- Mikasika ny sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, Les opérations des comptes particuliers du trésor)

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ny sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2025, ny mpivory.
Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 118 no nandany, Solombavambahoaka miisa 2 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2024 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2025.

Rehefa izay, nomeny ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha misy teny tian'izy ireo ambara.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2025, no nataon-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, raha nandray fitenenana.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, ka ny Alatsinainy 2 Desambra 2024, amin'ny 10 ora, maraina, hisy fivoriambe hifidianana izay Solombavambahoaka hisolotena ny Antenimierampirenena ao amin'ny «Commission Malagasy de l'Informatique et de la Liberté (CMIL)» sy ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fiampangana eo anivon'ny «Haute Cour de Justice (HCJ)». Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa no hifidianana ny Solombavambahoaka tompon-toerana roa (2) sy mpisolo toerana roa (2) ho eo anivon'ny Fitsarana Avo (Haute Cour de Justice). Koa nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba havitrika amin'ny fanatrehana ny fivoriana.

Niato tamin'ny 7 ora sy 45 minitra, alina, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**